## 7- FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY FANGATAHANA :

**RAHA TSY MISY FANOHANANA (opposition)**

Ekena na lavina ilay fangatahana.

**1. Fanolorana ny karatany :**

- Ny fangatahana izay nahafeno ny fepetra takian'ny lalàna ihany no mahazo izany.
- Soratana ao anatin'ny Bokin'ny fananan-tany ny zon'ilay mpangataka momba ilay tany.
- Rafetin'ny mpiasan'ny BIF ny volavolan'ilay karatany (projet de certificat);
- Soniavin'ny Ben'ny tanàna ny bokin-tany ( registre parcellaire) sy ilay volavolan'ny karatany.
- Atolotra ilay mpangataka ny karatany, 30 andro aorian'ny fitsirihina.

**2. Fandavana ny fangatahana :**

- Lavina ilay fangatahana rehefa tsy nahafeno ny fepetra takian'ny lalàna.
- Tsy maintsy mamoaka fanapahana milaza izany fandavana izany ny Ben'ny Tanàna.
- Tsy misy famerenana ny vola efa narotsaka nandritra ilay paikady.

**RAHA MISY FANOHANANA**

**1. Momba ny fanohanana:**

- Afaka manao fanohanana mikasika ilay fangatahana avokoa ireo izay mahita fa voatohitohina ny zony.
- Manomboka amin'ny **andro nanaovana ny fangatahana** ka hatramin'ny **30 andro** aorian'ny fitsirihina no fotoana ahafahana manao ny fanohanana.
- Samy afaka mandray ny fanohanana na ny mpiasan'ny BIF na ny komity mpitsirika mandritra ilay fitsirihina.

**2. Ny fandaminana ny fifanolanana:**

- Manao fampihavanana ireo manana olana ny Komity mpitsirika mandritra ny fitsirihina.
- Raha nahomby izany dia raiketina ao anaty fitànana an-tsoratra.
- Raha tsy nahomby kosa dia alefan'ny mpiasan'ny BIF eo anivon'ny Filan-kevitry ny Kaominina ny taratasy rehetra.

. Ny fanohanana voaray taty aorian'ny fitsirihina ihany koa dia entina eo anivon'izany Filan-kevitra izany.

. Ny Filohan'ny Filan-kevitry ny Kaominina, atrehan'ny mpikambana 2 avy amin'ny Filan-kevitra no manapa-kevitra ary mamoaka didy antsoina hoe « **sentence arbitrale** » ka :

> raha mitombina ny fanohanana dia laviny ilay fangatahana karatany,

> fa raha tsy mitombina kosa izany ka mahafeno ny fepetra takian'ny lalàna ny mpangataka dia mandidy ny fanomezana ny karatany ny Filan-kevitra.

- Izay rehetra tsy afa-po amin'ilay didy « sentence arbitrale » navoakan'ny Filan-kevitry ny Kaominina dia afaka mitondra ny raharaha eny amin' ny **Fitsarana ady maika (ady madio) 20 andro** ao aorian'ny fampahafantarana ilay didy.

. Izay didy avoakan'ny Fitsarana ady maika eo dia tsy azo anaovana afa tsy **fangatahana fandravana** irery ihany.

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

---------------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# DINGANA ARAHINA AHAZOANA KARATANY

# (CERTIFICAT FONCIER)

**LALANA MIFEHY**

- Lalàna laharana faha 2022-013 tamin'ny 01 aogositra 2022 manova ireo fepetra mifehy ny fitantanana ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra ;
- Didim-panjakana laharana faha 2022-1250 mamaritra ny fomba fampiharana ny lalàna laharana faha 2022-013 tamin'ny 01 aogositra 2022 manova ireo fepetra mifehy ny fitantanana ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra ;

## 1- NY ANTONY ILANA NY KARATANY :

Entina hanaporofoina ny mahatompon'ny tany ara-dalàna ny olona iray

## 2- FEPETRA TAKIANA AMIN'NY FANGATAHANA :

· Tany tsy mbola vita titra na kadasitra ;
. Tsy tafiditra ao anatin'ny tanim-panjakana na ao amin'ny faritra manana sata manokana ;
. Tany nohajariana nandritra ny 5 taona amin'ny fotoana anaovana ny fangatahana ;
. Fanajariana azo hamarinina, hitan'ny rehetra sy naharitra ary mifanaraka amin'ny fomba amam-panao misy eo an-toerana (ambanivohitra, andrenivohitra, fambolena sy fiompiana) ;
. Tsy mihoatra ny 10 hektara ny habean'ny tany angatahana karatany.

## 3- FAMETRAHANA FANGATAHANA :

### PAIKA ARAHINA

· Manatona ny Birao Ifotony momba ny Fananan-tany ( BIF) miorina eo amin'ny toerana misy ilay tany ary mametraka ny fangatahana izay atao an- taratasy tsotra na taratasy ho fenoina izay alaina ao amin'ny BIF ;
· Mamory ireo taratasy rehetra ilaina ;
· Manefa ny sara voafaritry ny Kaominina momba ny fanaovan-draharaha eo anivon'ny BIF.

### TARATASY FANGATAHANA :

Tsy maintsy ahitana ireto manaraka ireto
. ny mombamomba ny fiankohonan'ny mpangataka ;
. ny toerana sy ny mombamomba ilay tany ho angatahana, ny habeany sy ny manodidina azy ;
. ny laharan'ny tapakila nandrotsahana ny saram-pangatahana;
. ny sonia na ny lavotondron'ny mpangataka .

### TARATASY AMPIARAHINA :

· Ampahan'ny sarin-tany maneho ny satan'ny tany rehetra ao amin'ny Kaominina na PLOF;
. Dika mitovin'ny karapanondro voamarina;
· Dika mitovin'ny tapakila nandrotsahana ny sara amin'ny fanaovana fangatahana karatany.

## 4- FANDINIHANA NY FANGATAHANA :

1. Raketin'ny mpiasan'ny BIF ao anaty **Rejisitra** ilay fangatahana ka ny datin'andro nandraketana izany no datin' andron'ilay fangatahana ;
2. Omanin'ny mpiasan'ny BIF ny **fanapahana mikasika ny fitsirihina ifotony** izay hotanterahin'ny komity mpitsirika ary entiny soniavin'ny Ben'ny Tanàna,
3. Izany fanapahana izany dia :
· milaza ny mombamomba ny mpangataka sy ilay tany angatahana ;
· mamaritra ny fotoana hanaovana ny fitsirihina ;
· manendry sy mampiantso ireo olona handrafitra ilay komity mpitsirika ;
· mandidy ny fepetra fampahafantarana momba ilay fangatahana mba ahafahan'ny olona hafa manao fanamarihana na fanohanana raha misy ny antony tokony hanaovany izany.

> Ireto avy ny **Komity mpitsirika**

- ***Ben'ny tanàna*** *eo amin'ny toerana misy ilay tany angatahana na ny solontenany ;*
- ***Sefom-pokontany*** *eo amin'ny toerana misy ilay tany angatahana na* ***ny lefiny*** *;*
- ***Ray aman-dreny miisa telo na solontenan'ny Fokontany miisa telo****, izay fidian'ny Fokonolona amin'ireo olobe efa nonina teo an-toerana mihoatra ny 10 taona araka ny lisitra havaozina isan-taona avoakan'ny Ben'ny tanàna ary natao peta-drindrina tany amin'ny Kaominina sy ny Fokontany voakasika, 1 taona ny fe-potoana hiasan'izy ireo amin'izany ;*
- *Mpiasan'ny BIF.*

Marihina fa tsy maintsy tonga manatrika ny telo ampahefan'ireo mpitsirika (3/4) vao afaka atao ny fitsirihina.

## 5- FAMPAHAFANTARANA :

1. 15 andro aorian'ny nandraisana ilay fanapahana no tsy maintsy hanaovana ny fampahafantarana.
2. Atao peta-drindrina mandritry ny 15 andro eo anivon' ny BIF sy ny Kaominina ary ny Fokontany misy ilay tany angatahana ilay fanapahana.
3. Mamoaka taratasy fanamarinana ny fahatontosan'izany peta-drindrina izany ireo tompon'andraikitry ny Kaominina sy ny Fokontany.

## 6- FITSIRIHINA IFOTONY :

### NY ANDRAIKITRY NY KOMITY :

· Manamarina ny zaratany izany hoe mamantatra ny refy sy ny faritra misy ilay tany angatahana;
· Manamarina ny fanajariana natao ( ny faharetany, ny fisian'ny fanorenana , ny fambolena na fiompiana....)
· Mandray izay mety ho fanohanana;
· Mandamina izay mety ho fifanolanana mahakasika ilay tany;
· Manao sonia ny fitànana an-tsoratra milaza ny fizotry ny fitsirihina, norafetin'ny mpiasan'ny BIF.